VINA

Boky vokarin'ny Projet Jeune Leader

Voix

Misy asa natokana ho an'ny lahy na vavy

Initiatives

Ny tsara ho fantatra mahakasika ny fiheveran-diso

Action

Vehivavy koa mahavita azy (hira Kougar)

FIHEVERAN-DISO AMIN'NY ANDRAIKITRY NY LAHY SY NY VAVY

Fanontanana 2, Laharana 8

PROJET JEUNE LEADER

HO HITANAO ATO

1. Article
2. Tantara
4. Fanadihadiana
5. Hira
6. Tantara miaina
8. Quiz
10. Fantatrao ve?
10. Ny valin'ny quiz
11. Ho an'i VINA
12. Lalao

Maro ireo fombafomba napetraky ny Ntaolo taloha na ireo olon-dehibe tany aloha be tany ary mbola tohizana sy arahin-tsika hatramin'izao. Ohatra amin'izany ny fiaraha-monina Malagasy dia mametraka fa ny vehivavy dia fanaka malemy, io fomba fiheverana io dia miteraka fanavahana eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy na adika malalaka amin'ny hoe « stéreotype du genre. »

Ny atao hoe ***« stéreotype »*** moa dia fiheveran-diso na koa hoe fitsarana ivelany ataon'ny fiaraha-monina hatramin'izay ; nefa azo ovaina ohatra ny fiheveran'ny ankamaroan'ny olona ny lehilahy manao « Rasta » dia mpifoka rongony, mpanendaka, mpanolana na koa hoe ny fitsaran'ny olona ny « vehivavy manao zipo fohy » dia mpivaro-tena. Io fomba fijery io anefa dia ny fiaraha-monina hatramin'izay no nametraka sy nanaraka io fomba fiheveran-diso io ; azo ovaina anefa io satria ny olombelona no nametraka azy.

Ny atao hoe ***« genre »*** ihany koa dia fanasokajian'ny fiaraha-monina ny anjara andraikitry ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fiainana andavanandro izay mifanaraka amin'ny fomban-drazana ohatra : ny fiaraha-monina malagasy dia manan-tsokajy fa misy ny asa natokana ho an'ny lahy ha ho an'ny vavy ; tahaka ny hoe fiasana tany dia natokana ho an'ny lehilahy irery ihany sy ny hoe anjaran'ny vehivavy irery ihany ny mikarakara tokatrano. Marihina anefa fa io fomba fiheverana io dia miteraka fahantrana sy tsy fivoarana eo amin'ny fiainana.

Araka izany ary ny atao hoe ***« stéreotype du genre »*** dia fiheveran-diso mahakasika ny anjara andraikitrin'ny lahy sy ny vavy izay napetraka sy nofaritan'ny fiaraha-monina, fantaro anefa fa ny zavatra voajanahary ihany no tsy azo ovaina, ohatra ny vehivavy irery ihany no afaka mampinono sy miteraka. Ankoatra izay zavatra voajanahary izay anefa dia azo ovaina avokoa eo amin'ny fiainana andavanandro.

ILAY TANANA HAFAKELY ??

Firenena iray izay miavaka amin'ny firenena rehetra maneran-tany ity ho tantaraina fohifohy aminao ity. Miavaka hoy aho satria ny vehivavy no manana ny fandidiana kokoa noho ny lehilahy, izany hoe izy ireo no tompon'ny fahefana eo anivon'ny sehatra rehetra. Ny rafitra rehetra eo amin'ny fiaraha-monina dia namboarina mihitsy mba hanomezana tombony kokoa ho an'ny vehivavy, ary ny ankamaroan'ny olona eo amin'ny fitondrana dia vehivavy avokoa na filoham-pirenena io, na mpitondra fivavahana, na mpanao politika, na mpandraharaha io rafitra io dia efa ela no nijoro teo amin'ity firenena ity. Ny lehilahy ao amin'io firenena io dia mba samy te-hanana ny toerana tokony hisy azy ihany koa ary tena fantatry ny vehivavy rehetra izany, saingy izy ireo dia manao izay azony atao mba tsy ahazahoan'ireo lehilahy ireo ny toerany, ary ankavitsiana ihany ny lehilahy no mba manana andraikitra ambony eo amin'ity firenena ity fa dia vehivavy avokoa no maro an'isa amin'izany. Manoloana izany rehefa mba mitaraina ireo lehilahy ny amin'ny tsy fitovian-jo misy eo amin'izy ireo sy ny vehivavy ary ny tsy fahazoana tombontsoa mitovy amin'izy ireo dia ireo mpitarika vehivavy mihitsy no milaza fa misy sasany amin'ireo lehilahy no efa mitovy amin'ny vehivavy ary efa mahazo ny tombontsoa rehetra mitovy ny amin'ny vehivavy mpitondra, izy ireo manko any amin'ity firenena ity dia mihevitra fa ambony kokoa raha mitaha amin'ny lehilahy satria izy ireo no tompon'ny fahefana.

Efa raiki-tampisaka ao anatin'ny mponina ao amin'ity firenena ity mihitsy na lahy na vavy ny hoe misy zavatra maro izay natokana manokana ho an'ny vehivavy ary ny vehivavy irery ihany no mahavita azy, fitenin'ireo vehivavy matetika any moa ny hoe : asam-behivavy io ary tsy ho vitan'ny lehilahy mihitsy. Ny lehilahy nefa dia mahatsapa tena fa matoa vitan'ny vehivavy io dia vitan'izy ireo ihany koa, nefa ny vehivavy tompon'andraikitra manoloana izany dia tsy mino fa ho vitan'izy ireo izany ka tsy dia nomena vahana loatra ny lehilahy. Hatreny amin'ny tsenan'ny asa rehetra mihitsy io fiheverana io, hany ka moramora kokoa ho an'ny vehivavy ny mahita asa sy tafiditra miasa raha mitaha amin'ny lehilahy. Vokatr'izany dia manana sy mampidi-bola betsaka kokoa ny vehivavy raha mitaha amin'ny lehilahy, eny fa na samy miasa ary ny roa tonta dia mbola hita miavaka hatrany fa ny vehivavy no mikarama ambony hatrany ary matetika ny lehilahy no manao irony asa fitaizana zaza sy miasa an-trano na manasa lamba irony. Hindrahindraina ao amin'ity firenena ity ihany koa fa ny vehivavy dia matanjaka ara-batana raha mitaha amin'ny lehilahy noho izany dia lasa manjaka sy mampihatra io tanjaka ananany io izy ireo mba ifehezany ny lehilahy. Maro ireo lehilahy no tonga saina sy mahatsapa fa tsy ara-drariny izany ary mikasa ny hiala sy hisaraka amin'ny vadiny

mihitsy, saingy tsy misy azon'izy ireo atao noho ny tsy fananan'izy ireo olona na fikambanana mba hanampy sy hiaro azy ireo manoloana izany trangan-javatra izany ; ary koa latsain'ny vehivavy sady henatra eo amin'ny fiaraha-monina raha mandao ny tokantranony ny lehilahy iray. Na eo amin'ny sehatry ny tokantrano sy ny fiainana andavanandro amin'ny ankapobeny aza dia ny lehilahy no manao ny asa fikarakarana sy fandaminana ary ny fandrindrana ny tokantrano : eny fa na dia manana ny asany any ivelan'ny tokantrano aza ilay lehilahy dia anjarany ny manomana ny sakafo rehetra sy mikarakara ny zaza ary manasa ny lamba maloto rehetra. Rehefa misakafo dia omena ho voky aloha ny vehivavy zay vao mahazo mihinana ny lehilahy ao an-trano, na ny fomba fitaizana ny zanaka ao an-trano aza dia tsy mitovy mihitsy, satria dia manana fahalalahana kokoa ny zanaka vavy ao an-trano amin'izay rehetra ataony na resaka fivoahana harivariva izany, na fodiana tara ao an-trano na fanaovana zavatra any ivelany any miaraka amin'ny namana. Dia toy izany ny fiainana ao amin'io firenena io hatramin'izay ka hatramin'izao.

Ahoana ny fahitanao ny fomba fitondrana ny lehilahy sy ny vehivavy ao amin'io firenena io ? Satria nahoana ?

Araka ny hevitrao, iza ary no nametraka sy namaritra ny andraikitry ny lahy sy ny vavy tao anatin'ny fiaraha-monina iainan'ity firenena ity ?

Inona ny andraikitra na zavatra tsy azon'ny lehilahy atao ao amin'ity firenena ity dia inona no anton'izany ?

Tontolo manao ahoana no tianao iainana eo anivon'ny fiaraha-monina ?

Inona ny zavatra tsapanao rehefa namaky iny tantara iny ianao ?

Misy fitoviany amin'ny fiainan'ny vehivavy ankehitriny ve ny fiainan'ny vehivavy ao amin'ity firenena ity ? Manomeza ohatra amin'izany.

Maro ireo vehivavy izay efa misehatra ao anatin'ny lalao misetrasetra na sport extreme izay noheverin'ny fiaraha-monina fa ny lehilahy irery ihany no afaka manao izany. Iray amin'ireo vehivavy ireo i MIANGALY izay mitazona ny anjara asan'ny mpanamory mpanampy. Indro ary ny resadresaka nifanaovanay taminy.

Ianao ve MIANGALY tsy mieritreritra hoe lasa sarin-dahy ianao manao an'ity lalao misetrasetra ity ?

Tsia, ny olona mijery ety ivelany no mihevitra izany fa raha ny tenako aloha dia toy ny olon-drehetra izay tia ny lalao misetrasetra ihany.

Ahoana indray ary ny fandraisan'ireo mpanamory lehilahy namanao ireo amin'ny maha samihafa anareo hoe ianao vehivavy dia ry zareo lehilahy ?

Izay ilay noteneniko teo hoe mitovy ihany io ; zavatra mitovy no atao dia mitovy izany ny rehetra ao anatin'io sehatra io, sady tsara mihintsy koa ny fisianay vehivavy ao anatin'ireny sehatra na trangan-javatra heverin'ny rehetra fa natokana ho an'ny lehilahy fotsiny ireny mba hanehoana fa ny vehivavy ihany koa dia afaka ary mahavita izay zavatra na andraikitra noheverina fa natokana ho an'ny lehilahy fotsiny ireny.

Inona izany no tena nahatonga anao ho isan'ny mpilalao ato anatin'ny lalao misetrasetra ?

Ilay izy aloha raha ny tena marina dia efa ny fianakaviana mihintsy no milomano ao anatin'io taranja io e ! Sady ny ahy koa tena fitiavana ilay izy satria efa hatramin'ny kely aho dia notaizana tao anatin'ilay izy. Hany ka mora ho azy tamiko ny mitia sy niditra tao anatin'io lalao io.

Ahoana ny hevitrao ary mahakasika ireny fiheveran-diso eny anivon'ny fiaraha-monina ireny indrindra fa ny resaka sokajy ?

Tena betsaka ny olona eny anivon'ny fiaraha-monina eny no mbola andairan'io resaka fiheveran-diso io fa amiko aloha izany dia atao sy haseho amin'ny alalan'ny asa mihintsy ilay zavatra heverin'izy ireo ho tsy vitanao na koa hoe tsy hain'ny vehivavy fa natokana fotsiny ho an'ny lehilahy irery ; fa rehefa mahita anao manao an'ilay zavatra ry zareo dia afaka ho azy ilay fiheveran-diso fa resy lahatra ry zareo, ary lasa manampy anao indray ary ilay olona nanana fiheveran-diso iny.

Inona ary ny hafatra mba omenao ho an'izay mamaky ity boky ity ?

Ny hafatra dia hoe : rehefa tianao ilay zavatra dia ataovy ary miezaha hatrany fa tsy misy nosokajiana manokana ho an'ny lehilahy na ho an'ny vehivavy fotsiny izany fa mitovy daholo ary samy afaka manatanteraka izany avokoa ; dia ny farany dia hoe aza mitsoaka an-daharana izany mihintsy (ne jamais abandonner) na inona na inona ataonao fa tohizo hatramin'ny farany.

FANADIHADIANA

VEHIVAVY KOA MAHAVITA
-- KOUGAR

HIRA

Tsy mahamenatra mihitsy ny mifidy vehivavy !

Raha izay no vahaolana.

Miara misalahy isika mianakavy maneho fahavononana.

Ny fivoarana faingana ho an'ny Malagasy isan-tokatrano.

Tsy mena- mitaha amin'ny hafa ny fenitra enti-mamokatra.

Isika taloha raha complexe a!

Izao efa tokony ho kopy lesoka.

Fa ny fiainana hiainana anaty fivoarana miara mikaon-doha.

Fandrosona efa mandondom-baravarana ho an'ny tsirairay.

Fa na zoky na zandry na lahy na vavy ny rehetra mitovy zo e!

Fa matoa mahita masoandro ny vehivavy mahavita azy (x4)

Mahay mandrindra sy mandamina.

Aoka hiara-hitantana ny lahy sy ny vavy.

Tokantrano milamina hatramin'ny tanàna.

Andao hifidy vehivavy ranamana e!

Andao amin'izay ary hifidy vehivavy e!

Sao izay no vahaolana

Miara misalahy isika mianakavy maneho fahavononana.

Ny fivoarana faingana ho any Malagasy isan-tokantrano

Tsy mena- mitaha amin'ny hafa ny fenitra enti-mamokatra

Hafarana tsara ny fara aman-dimby e, sarobidy ny adidy.

Hanalana ny kapoaka mangidy e!

Dia mila viavy voafidy e, entano be daholo ny fianakaviana,

Fomba fijerintsika efa afaka ovaina, tsy hanambany aho na oviana na oviana,

Fa tsy hanasa vilia sy vilany fotsiny izy.

Tia hanampy ny bokona

Izay lehilahy maheno, aleo hazavaina hoe efa mandray andraikitra izy,

Mahafantatra ny olona misy eny ifotony izy,

Efa hita eran-tany izany fandrosoana maharitra,

Dia andao isika ho any namana.

Andao amin'izay ary hifidy vehivavy e fa izay no vaha olana,

Miara misalahy isika mianakavy maneho fahavononana.

Ny fivoarana faingana ho any Malagasy isan-tokantrano

Tsy mena mitaha amin'ny hafa ny fenitra enti-mamokatra

Andao amin'izay hifidy vehivavy fa izy koa mahavita azy.

Hita fa ny vehivavy dia tsy manana ny toerana maha izy azy eo anivon'ny sehatra rehetra eto amin'ny firenen-tsika. Andraikitro sady andraikitrao ary andraikitry ny tsirairay ny miezaka mampanjaka ny fitoviana sy manafoana ny fiheveran-diso mba hisian'ny fandrosoana sy ny fivoarana maharitra. Nosafidiana manokana ity hiran'ny KOUGAR ity izay mametraka sy manome lanja ny vehivavy.

I LEVA SY I RADO

Rasoa : O ! Ry Ravo a ! Mandehana indry aloha matsaka fa tsy misy rano ao e !

Ravo : Eny ry Mama ; ary i Leva nga tsy ho any ?

Rasoa : Mandehana re a ! Fa izy mbola tsy eo.

Ravo : Leva ! Leva ! Andao hatsaka isika roa !?

Leva : Sshh ... kamo aho, angah moa asako izany fa asanareo vehivavy e !

Ravo : Mba mila vaniny koa i Leva izany ; angah ve natokana ho an'ny vehivavy irery ny fatsakana rano.

Rasoa : Tonga dia sasao ny lovia ry Ravo fa noana i Leva zay a !

Ravo : Eny ry mama a !

Rasoa : Azafady ry Ravo mba sasao moa io lovia io vao mandeha mianatra indry a !!

Ravo : Ka i Leva anie ry Mama efa lasa dia sao tara aho e !

Rasoa : Mba sasao moa akia fa vetivety anie io e !


Ravo : Azafady ramose ; tara aho fa mbola nanasa lovia.
Ramose : Ay mo ! Fa tsy nanampy anao angaha i Leva? Efa ela ela ihany mantsy izy no tonga.

Ravo : Izaho no vehivavy ao aminay, dia asako izany.
Ramose : Hitanareo rankizy ; fiheveran-diso izany fa efa mitovy zo ny lahy sy ny vavy amin'izao ; ary ny asa rehetra dia afaka ataon'ny lahy sy ny vavy fa tsy misy hoe asan'ny vavy izany na asan'ny lahy.

Ravo : Ay moa izany izy io ! Misaotra betsaka Ramose a !
Leva : Dia afaka matsaka koa aho izany Ramose ?


Ramose : Eny ry Leva ! Afaka mahandro koa ise fa aza mangala-pihinana fotsiny an ! Hahah.....
Leva : Ao akia fa hanampy andry amin'izay aho rehefa manao raharaha ato an-trano a !
Ravo : OOuuueeeehh !!!!!! Misaotra letsy ry Leva a !



Safidio amin'ny A, B, na C izay tokony ho valin'ny fanontaniana. Izay tena ao an-tsaina no ataovy, manaova ny marina! Ary, jereo ao amin'ny pejy manaraka ny valin'ny quiz.

1

Ny lehilahy irery ihany no afaka mitondra fiara.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

2

Ny olona dia mihevitra fa ny vehivavy mikabary dia akoho vavy maneno.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

3

Tsy azon'ny zanaka atao ny mihinana vody akoho fa maha banga nify.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

4

Asa natokana ho an'ny vehivavy irery ihany ny fikarakarana tokantrano.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

5

Miteraka voka-dratsy ara-pahasalamana ho an'ny lehilahy ny mikarama manasa lamba.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

6

Ny vehivavy dia tsy afaka mangata-bady.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

7

Maty avy hatrany ny vehivavy raha manao ny asa fandrafetana na manamboatra trano (maçon)

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

8

Ny ankizy lahy any an-tsekoly dia tsy mamafa trano fa anjaran'ny vehivavy izany.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

9

Ny fiaraha-monina dia mihevitra fa ny lehilahy irery ihany no afaka manao baolina kitra.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

10

I Dada irery ihany no mametraka fitsipika ao an-trano.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

11

Ny mpampianatra lehilahy no tokony hajaina noho ny mpampianatra vehivavy.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

12

Ny asa fanjairana dia natokana ho an'ny vehivavy irery ihany.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

13

Lazain'ny olona fa matim-bola ny vehivavy manao doktera.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

14

Ny lehilahy manao kifanga dia sarim-bavy.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

15

Lazain'ny olona ho sarin-dahy ny vehivavy manapa-bolo.

A. Stéréotype
B. Voajanahary
C. Tena marina

Fantatrao ve?

Miteraka fahantrana ny fampiharana ny stéreotype eo amin'ny fiainana satria ny olona dia manasokajy ny asa an'ny lahy na ho an'ny vavy, ohatra ny lehilahy irery ihany no afaka manao mpamily taxi. Inona no mety ho fiantraikany eo amin'ny vehivavy raha manao io asa io ?

Anisan'ny mahatonga ny tsy fivoarana ihany koa io satria dia mbola maro ny olona no mampiasa sy miaina amin'ny fomban-drazana amin'izany, ohatra ny eo amin'ny lafiny fihariana (fitadiavana) hoe ny lehilahy irery ihany no natao hiasa fa ny vehivavy dia mikarakara tokantrano, eo ihany koa ny lafiny fambolena nentim-paharazana izay tsy ahazahoana vokatra maro nefa mbola maro ny olona no mampiasa io fomba fambolena io.

Miteraka korontana ka miafara amin'ny ady ihany koa ny stéréotype satria dia maro ny olona no tia mitsara ivelany indrindra fa zavatra tsy nataon'olona iray no lazaina fa ataony ka miteraka ady rehefa avy eo.

Raha ny A no maro nosafidinao dia mbola ao aminao ilay toe-tsaina stéréotype na ny fihevеran-dìso ka tokony hiezaka ny hiala amin'izany ianao mba ahafahanao miala sy manohitra ireo fihevеran-dìso apetrakin'ny fiaraha-monina.

Raha B koa no maro tamin'ny safidinao dia efa hainao ny manavaka ny fomban-drazana sy ny zavatra nataon-jànahary satria ny zavatra voajanahary dia miteraka vokà-dratsy eo amin'ny vatan'olom-belona raha asiana fanovana.

Raha C koa no maro tamin'ny safidinao dia mbola tsy hainao ny manavaka ny stéréotype sy ny voajanahary satria mbola miantehatra amin'ny hevitrin'ny maro, noho izany azo ovaina tsara ireo fihevеran-dìso ireo satria ny olombelona ihany no namеtraka azy.

NY VALINY QUIZ

Ho an'i VINA:

Tena manana olana aho rehefa tonga aty am-pianarana. Izaho manko tsy dia tia miaraka amin'ny lehilahy fa vehivavy no ankamaroan'ny namako ary ny fialamboly tiako dia ny milalao miaraka amin'ireo ankizy vavy ireo ohatra : ny manao kisatady, manao kifanga sy ny maro tsy voatanisa. Ny tena tsy tiako dia rehefa miditra ny sekolinay aho dia tsenain'ireo ankizy mpiara-mianatra aminay hoe iny indray ilay bandy pelaka iny na koa hoe ialahy ity lesy dia sarimbavy ka ! Tsy eny antokotany tsy any anaty efi-trano fianarana dia izany foana ny feo henoko. Tena kivy aho, tena tiako manko ny miaraka amin'ireo namako vehivavy ireo. Tsy hitako intsony izay ataoko fa mba toroy hevitra azafady.

Voalohany indrindra dia misaotra anao nanana fahasahiana sy nametraka ny fitokisana taminay ka namborahanao izao olana mahazo anao izao. Marina aloha fa manahirana ny olona tokoa indrindra ho antsika tanora ny mahita zaza lahy sy zaza vavy miara-milalao izany, ary eo ihany koa ny fanasokajian'ny fiaraha-monina ny kilalao natokana ho an'ny lahy na ho an'ny vavy. Raha ny tena marina dia ny zavatra voajanahary ihany no voasokajy ho misy ho an'ny vavy na ho an'ny lahy, ohatra amin'izany ny vehivavy irery ihany no afaka mampinono ny zazakely. Fa ny ankoatra izay tsy voajanahary dia azo ovaina, izany hoe ireo rehetra namboarin'ny tanan'olombelona dia azo ovaina avokoa ohatra hoe resaka kilalao izany ! Indro misy santionany azonao ampiasaina entina hamaliana ny ankizy izay mbola mananihany anao : moa ve miteraka olana ara-pahasalamana ho ahy ny filalaovako miaraka amin'ireo vehivavy ireo na koa hoe misy kilalao natokana ho an'ny lehilahy ve ? Ary miteraka inona ho an'ny vehivavy ny filalaovana izany kilalao heverina fa natokana ho an'ny lehilahy izany raha misy ? Ka raha sanatria mbola tsy mahomby izany dia aza misalasala mihintsy manantona ny Jeune Leader ao amin'ny sekoly ianaranao fa vonona ny hanome soson-kevitra ho anao izy ireo. Zay ary no izy fa dia mirary soa ho anao.

LALAO

1. Ny aiza amin'ireo sary kilalao ireo no natokana ho an'ny lahy ary aiza no natokana ho an'ny vavy ?

2. Moa misy fiantraikany ara-pahasalamana ho an'ny :
   - Lahy ny fanaovana io kilalaon'ny vehivavy io ?
   - Vavy ny fanaovana io kilalaon'ny lehilahy io ?

3. Araka ny valin-teninao tany amin'ny fanontaniana faha-2, ny aiza amin'ireo indray ary no itambaran'ny lahy sy ny vavy ?

VAKIO IREO KARAZANA BOKY VINA HAFA!

FANONTANA 1
(2015)

FANONTANA 2
(2017)



Ny Projet Jeune Leader, dia niorina sy niasa tany Fianarantsoa nanomboka ny taona 2013, ka eny anivon'ireny sekolim-panjakana ambaratonga faharoa ireny no sehatra fiasany. Ny antom-pisiany dia: mampahafantatra ny mahakasika ny fahaiza-mitarika sy ny fahasalamana ara-pananahana, sy manampy ny tanora mandritra ny fialan-tsakana, ary manome tolotra manokana ho an'ny tanora (toerana hanabeazana, lalao, fifanampiana eo anivon'ny sekoly).

Groot-Haspels Foundation

Nanao ny sary: RANDRIANIRINA André
Sources: Freepik.com, iStock, Canva, LucidPress, GraphicStock

Mpanatontosa: FREUDENBERGER Annika

Isaorana: Lanto, Valisoa, Tsila (JL 2015-16)

Ne pas reproduire sans la permission du Projet Jeune Leader.